GSDM
Professionnels de l'Agro-écologie

TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

VOLY KAZAHA SY VOLY VOANKAZO NA VOLY FANONDRANA ANATY BASKET COMPOST

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT
Mise en oeuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH
Protection et Réhabilitation des Sols pour la sécurité alimentaire (ProSol)

TOMBOTSOA :

1. Hanatsarana ny fahalonahan'ny tany
2. Hazaoana vokatra kazaha betsaka amin'ny velarantany kely
3. Hanatsarana ny fambolena voankazo na voly fanondrana
4. Hanatsarana ny fanjarian-tsakafo
5. Hanatsarana ny farim-piain'ireo tantsaha

IREO DINGANA ARAHINA :

1 - FANANGONANA IREO AKORA

Fako maina

Zavamaitso

Tany masaka+taim-biby

Mety atao akora avokoa rehefa fakon-javamaniry afatsy ireo masiaka toy ny kesika sy kininina. Ny "légumineuse" no tena tsara atao zava-maitso (mora lo, mitondra azota). Arakaraky ny akora azo no anaovana ny isan'ny lavaka

2 - LAVAKA



Atao ny lavaka

Halaliny : 40 sm
Vavany : 60 sm * 60 sm
Elanelan'ny lavaka roa : 80 sm

3 - FENOINA NY LAVAKA



Atao anaty lavaka ary alahatra isan-tsokajiny ireo akora rehetra

Hafatratra tsara sy atao mifandimby ny fametrahana ireo akora, totofana tany manify ary atao mivohitra mba tsy hiangonan'ny rano



TOROMARIKA

Tsara raha atao mandritry ny volana Aprily - May ireo asa 3 ireo satria mbol betsaka ireo akora maintso ary mbola malemy ny tany

TAONA 1

4 - VOLY KAZAHA

Volena ny kazaha refa lo avokoa ireo akora rehetra natao tanaty lavaka

TOROMARIKA

Iray volana sy tapany aorian'ny fanotofana ny lavaka no ambolena ny kazaha : volana Jolay - Aogositra

TAONA 2

5 - VOLY VOANKAZO NA VOLY FIHINANA (Fifandimbiasamboly na Fampivadiamboly)

Volena amin'ny fotoana mahazatra ny hazo fihinam-boa na voly fihinana